BANKY

# Mitaraina ireo mpanjifa ao amin'ny BFV-SG Morondava

Mitaraina ireo mpanjifa ny banky BFV-SG eto Morondava, indrindra ireo mpaka vola amin'ny DAB, satria isaky ny tonga ny fandraisam-bola dia tsy ilaozan'ny olana ireo Dab roa izay misy eto an-toerana , ary efa tsy azo lefirina intsony ny zava-misy tamin'ny faran'ny herin'andro teo, satria dia maro ireo naka vola nefa tsy nahazo. Ny nahagaga ny maro dia ny vola tsy mivoaka nefa ny solde mihena , maro mihintsy no tratran'izany, ka niteraka filaharambe ny omaly alatsinainy 22 Novambra. Tsara ho marihina, fa tsy misy afa-tsy Dab roa ihany ny an'ny BFV no miasa eto Morondava ary matetika no misy olana toy ny tsy fisian'ny vola, na fahatapahan'ny réseaux .




*Ny banky BFV-SG any Morondava.*


Manao antso avo amin'ny tompon'andraikitry ny BFV-SG ireo mpanjifa aty Morondava, fa sahirana ny amin'ny fakana vola amin'ny DAB ary mangataka koa ny hanampiana ireo Dab roa ireo, satria efa tsy maharaka ny mpanjifa aty Morondava intsony ireo DAB misy aty an-toerana. Lasa miteraka fikorontanana eo amin'ny fandaharam-potoanan'ny mpanjifa moa izany, eo koa ireo tran'ny mitrosa vola amin'ny olona hatao sakafo, satria ny banky tsy misokatra alahady nefa ny Dab tsy mamoaka vola. Raha sanatria moa misy ny tsy salama hividianana fanafody nefa mitranga izao olana izao dia asa izay hiseho . Raha nanontaniana ny tompon'andraikitra aty an-toerana dia nilaza, fa tsy misy azony hambara, fa anjaran'ny any amin'ny foibe any Antananarivo no mitondra fanazavana mikasika ny olan'ny BFV-SG aty Morondava .

***Jean Patrick R.***

Orambe nirotsaka

# Dobo rano ireo tanàna iva any Mahajanga

Orambe no nirotsaka tany Mahajanga faritra Boeny ny alahady alina sy omaly alatsinainy. Noho izay antony izay, dobo rano avokoa ireo toerana iva any an-toerana toy ny any Mahavoky, Tsararano, Amboaboaky, Fiofio. Nitsahatra ny orana omaly tolakandro, saingy mbola nandrahona ny tany antoerana. Mifanandrify amin'ny samonta be, na ny fiakaran'ny ranomasina, izao orambe mitranga any amin'ny renivohitry ny faritra Boeny izao. Raha ny nambaran' ny avy ao amin'ny sampana mpamantatra ny toetrandro, dia vinavinaina haharitra roa andro izao rotsak'orana izao, izany hoe mbola mety hirsotsaka ny orana any an-toerana anio. Mahagaga ny toetrandro eto amintsika, raha mitaraina amin'ny haintany ny faritra maro eto amin'ny Nosy amin'izao fotoana, mahazo rotsak'orana be kosa ny "Tanànan'ny Voninkazo" akehitriny.



*Toerana iva dobo rano any Mahajanga.*

***Niaina***

Association Pachamama Rugby

# Nanatanteraka lanonam-pisaorana teny Imamamba

Lanonam-pisaorana sy fankasitrahana an'ireo mpiara-miombon'antoka aminy rehetra toy ny isantaona, sady ho fanehoana firaisankina amin'izy ireo ihany koa, no nototonsaina teny Imamamba Soavimasoandro misy ny foibe toeran'ny fikambanana "Association Pachamama rugby" tarihan'ny filohany, Andriaminosoa Avotra Tokiniaina, tamin'ny sabotsy 20 novambra 2021 lasa teo. Nitarika an'ireo mpiaramiombon'antoka amin'ity fikambanana ity tamin'ny fanotronana ny lanoanana ny Sté Générale, izay nanolotra manokana fanampiana 5 000 euros tamin'ity indray mitoraka ity. Nanome voninahitra ny lanonana tamin'ny fanatrehana teny an-toerana kosa ny minisitry ny fampiarana teknika sy fanana asa niaraka tamin'ny solontenan'ireo ministera samihafa voakasika ity taranja rugby ity. Nisy ny "demonstration rugby" nataon'ireo kilonga tezaina sy miofana ao amin'ny Pachamama tamin'izany ary fiaraha-nisakafo nizarana ny nofonkena mitam-pihavanana. Marihana fa ankizy zazalahy sy zazavavy mahatratra 350 isa, no karakarain'ny ivon-toerana manokana amin'ny fianarana ataon'izy ireo sy ny fanaovany fanazarantena rugby sy famakiam-boky ary tolorana sakafo isaky ny alarobia sy sabotsy isan-kerinandro eny Imamamba. Mahatratra 120 isa kosa ankehitriny ireo mpanao rugby zokiny mialao ao amin'ny Rcts Soavimasoandro ankehitriny.



*Teny Imamamba tamin'ny sabotsy teo.*

***Rainilita***

Tanora « Taratry ny mazava »

# Hankalaza ny faha-20 taonany

Feno 20 taona amin'ny taona 2022 ho avy iny ny antoko mpihira Tanora « Taratry ny Mazava ». Misy mpikambana 30 mianadahy izy ireo ary manana hira an-jatony ihany koa. Hamoaka ny rakikira "volume 6" ny tarika amin'izany fankalazana ny faha-20 taonany izany, raha ny nambaran'ny mpitarika ny tanora, Ralaiarimanana tamin'ny mpanao gazety teny Soavimbahoaka nandritry ny fitokanana ny fanamiana faha-5 an'ity antoko mpihira ity. Nisaotra ireo rehetra mpitia sy mpankafy azy ireo ny tanora "Taratry ny Mazava" ary mbola vonona hanohy ireo dingana efa vita, tao anatin'izay taona maro efa nodiaviny izay. Nambaran'ny mpitarika ihany koa fa manao fampisehoana isak'Alahady izy ireo, ary tsy ao am-piangonana ihany, fa manao fitoriana sy fampisehoana ankalamanjana ihany koa. Hipoka hatrany izay toerana anaovan'izy ireo fampisehoana ary maro no mbola mangataka ny fiverenany. Ho tohizana izay fitetezam-paritra izay amin'iny taona 2022 iny, ary mbola vonona ny hitondra ny tsaratsara hatrany ity antoko mpihira ity. Nambaran'ny filohany, fa ny volana Janoary no mila mamandrika ny fotoana izay te-hiaraka aminy, satria feno tanteraka ny fotoanan'izy ireo. Zava-dehibe hoy ny filohany ny fisehoana ivelan'ny fiangonana, mba ho fantatry ny maro, satria maro ny manana talenta saingy tsy fantatry ny olona izany. Nanamafy ihany koa izy, fa ny serasera no antoky ny fampahafantarana sy ny asa tanterahina raha te-ho fantatry ny maro ny asa atao. Nataon'ny tanora "Taratry ny Mazava" laharampahamehana ny haino amanjery tsy ankanavaka, tamin'ny fiaraha-miasa teo amin'ny roa tonta. Fanamby apetrak'izy ireo ny hitondra ny tsaratsara hatrany amin'iny taona 2022 ho avy iny, ary mbola vonona hanome fahafam-po ny rehetra tsy ankanavaka ihany koa.

***Rajo***




*Ny antoko mpihira:Taratry ny Mazava.*

Tantsambo amin'ny Bana Antsiranana

# Nanao fanarazaran-tena niaraka tamin'ny tantsambo Frantsay

Nahavita nanao fanazaran-tena nandritra ny 5 andro, niaraka tamin'ny tantsambo frantsay, ny tantsambo Malagasy avy min'ny Bana (Base Aéro-navale Antsiranana) ny herinandro teo. Ny 15 ka hatramin'ny 19 Novambra teo, no nanatanterahana izany, nandritra ny fandalovan'ny sambo Frantsay "Patrouilleur Le Malin" tao Antsiranana. Tanjona tamin'ny fiofanana ny hahamatihanina ny tantsambo malagasy manoloana ny fandikan-dalàna misy eny an-dranomasina, sy ho fampiroboroboana ny toekarena manga, na économie bleue any Diégo, sy eto Madagasikara mihitsy.

***Niaina***



*Ny fanazaran-tena, niarahan'ny Malagasy sy ny Frantsay, tany Antsiranana.*